# KOMINOTE ny SOEURS DU CHRIST any LONGAVI – CHILI



Ao anatin'ny vinavina Apontôlikan'ny Kôminôte, dia nanapakevitra izahay fa manokana adiny iray hitsaohana ny Sakramenta Masina isaky ny Alahady faharoa sy fahatelon'ny volana. Miombona amin'ireo « vahoak'Andriamanitra manatontosa fivahinianana masina aty Chili » sy mankalaza ny « kongresy eokaristika nasionaly 2018 ». Ankininay amin'ny Tompo ihany koa izay niainanay nandritra ny fizorana amin'ny fiovana rafitry ny fitantana ny Fikambanana sy zava-tsarotra izay iainanay ato amin'ny Fiangonan'ny Chili. Ankininay aminy ny fangataham-bavaky ny olona sy ny asam-panirahanay aty. Ataonay am-pitiavana, amin-kafaliana, amim-pinoana sy fanantenana izany. Mahatsiaro Fiadanana izahay ary manampy anay hanome dikany kokoa ny fianan'olom-boatokana antsika izany.

Isaky ny Zoma voalohan'ny volana, manokana fotoana ampy izahay hifampizara ny Tenin'Andriamanitra :



1- Famakiana ny lahatsoratra : Inona no lazain'ny Tenin'Andriamanitra ?

2- Fandinihana : Inona no ambaran'ny Tenin'Andriamanitra amiko ?

3- vavaka : Inona no teny lazaiko amin'Andriamanitra ?

4- Fampiharana : Inona no andrasan'Andriamanitra amiko andavanandro ; inona no fikasana atolony ahy amin'ny àlalan'ny Teniny ?



Fizàrana feno harena ianarana mifampihaino, mba hahazo sy hiaiana ny Tenin'Andriamanitra sy hampanankarena anay.

Ao amin'ny Paroasin'i Longaví, misy fiofanana amin'ny sehatra samihafa ho an'ny mpikatroka pastôraly isaky ny sabotsy voalohan'ny volana. Ny filàn-kevitra no manome io fampiofanana io. Masera Violette dia anisan'ny mpanolon-tsaina manentana ny fihaonna mikasika ireo lohahevitra voalohany ho an'ny kongresy eokaristika nasionaly 2018 "ny Eokaristia, hafaliam-pihaonana miaraka amin'i Kristy".

# Vondron'ny kristianina lasapelin'ny La Grotte




Miara-miasa amin'ny fanomanana ny fetin'i Md Laurent izay ankalazaina ny faha 10n'ny volana Aogositra ny Sœurs du Christ. Izy no mpiaro ny Paroasinay.

Nanomana ny sakafo maraina ho an'ireo kristianina avy any ambanivohitra izahay. Avy nisy ny dia mivavaka avy eny amin'ny Lasapely nihazo ny Fiangonana

## ASAM-PANIRAHANA ATY LONGAVÍ

Ny 29 septambra 2018, famaranana ny volana natokana ho an'ny Baiboly sy manomboka ny volana oktôbra amin'ny fikaonan-doha mikasika ny fianakaviana, ireo « mpianatra mpitory ny vaovao Mahafaly » niaraka tamin'i masera Nelly dia namangy fianakaviana, nivavaka niaraka tamin'izy ireo, nizara ny fianany ary naka fotoana nihainoana ny hafaliany sy ny fahoriany, nitory ny Vaovao Mahafalin'i Jesoa Kristy.



Tarigetra : Ny hafalian'ny finoana iainana amin'ny

**Ny 19 sy 20 ôktôbra no natao ny sinaoda faha-38 n'ny Diôsezin'i Md Ambroazy n'i Linares mikasika ny lohahevitra : "Fiangonana, Vahoakan'Andriamanitra". Nandray anjara nandritra ireo andro roa ireo i masera Nelly. Masera Lydie kosa iray andro ihany. Niasa tamina endrika telo izahay : ny fahazavana, ny aloka sy ny dingana hatao ato amin'ny Fiangonantsika.**




**Ny 20 oktôbra, lahika associés telo, Lucía Tobar, Techi Ferrada, Angélica Jorquera, niampy an'i masera Teresita sy Lydie no niaina ny laretirety tany amin'ny faritra natao hoe " Loma de Vásquez ", 40 km avy eo Longavi. Lohahevitra "Mandray risika hizara ny fiainana sy ny asam-panirahana miaraka amin'ny lahika".**




*Masera Teresita, Delfina, Violette, Nelly sy Lydie*
*Kôminôten'i Longaví*